Ny miralenta

Ny ankamaroan’ny tany an-dalam-pandrosoana, amin’ny ankapobeny, no mbola mandala ny soatoavina mametraka ny lehilahy ho ambony kokoa manoloana ny vehivavy eo anivon’ny fiarahamonina. Mbola tsikaritra any amin’ireo firenen-dehibe sasantsanany koa ny tsy faneken’ny rafi-pisainan’ny olompirenena ny vehivavy hitantana fiarahamonina iray na faritra iray na firenena iray. Ao an-tokantrano no tokony ho voalohany hanefy ny zanaka hankato ny miralenta mba hielezan’ny hevitra hipaka amin’ny rehetra.

Ady hevitra tsy nety vita teo amin’i Talenta sy Mirana ny fitovian-jo eo amin’ny lehilahy sy ny vehivavy, tamin’ity indray hariva fiandrasana ny fahamasahan’ny sakafo. Samy nandahatra ny heviny izy dahy ary samy niezaka nanohana ny teniny tamin’ny ohatra isan-karazany. Tsy naharitra Randria, rain’izy ireo, nahare ny ady hevitra ka nanampy an-janany lahy sy nampangina ny zanany vavy mba hanaiky fa mijanona ho nofinofy izany fitovian-jo eo amin’ny lehilahy sy ny vehivavy izany raha aty amin’ny tany mahantra.

- Dieny vao 16 taona ianao ry Mirana, esory lavitra ao an-tsaina izany fisavihan-jo amin-dehilahy izany mba tsy hisian’ny korontana, tahaka ny miseho matetika eo amiko sy ny reninareo, hoy Randria. Nangina i Mirana satria efa ny lehibe izao no mananatra azy.
- Ary tsy kolontsaintsika ny vehivavy te ho lehilahy. Mipetraha tsara iretsy ity, hoy ny Renibeny nanampy ny hevi-dehilahy.

Saika hanokatra ny vavany i Mirana nahare ny tenin-drenibeny saingy nateliny ny heviny fa efa nisary zoro tao an-trano ny demokrasia sadasada izay tsy maintsy hanginan’ny vehivavy.

Izany endrika herisetra ara-tsaina mianjady amin’ny vehivavy izany indrindra no nidiran’Ifara, vadin-dRandria tao amina fikambanana iray miaro ny zon’ny vehivavy. Tsy nolazainy tamim-badiny ny maha mpikambana azy satria tsy maintsy hitsivalana ny hevitra mivoy ny miralenta rangahy io.

Ren’Ifara mbola tao am-pikarakarana sakafo àry izany ady hevitra nafana teo amin’ny ankohonany izany ka nandray anjara nandahatra ireo hevitra azony tany amin’ny fikambanana sy ireo porofo milaza ny fivoarana tamin’ny tokantranony noho ny fampiharany ny miralenta.

- Io tokoa, rainy, no ifandiranao amiko isaky ny milaza ny hevitro aho. Nisafidy ny niaina ny miralenta tamin’ny fihetsika indray aho rehefa voapemponao saingy tsy tsapanao izany, hoy Ifara. Raha tsy niditra tamina fikambanana iray misehatra eo amin’ny fiarovana ny

zon’ny vehivavy aho dia tsy ho avotra ny ain’iny zandrinao vavy vonoim-badiny isanandro iny. Ny fikambananay no nampahafantatra ahy fa manan-jo tahaka ny lehilahy ny vehivavy ka tsy azo zimbazimbaina izany. Dia iny nentiko teo anivon’ny zon’olombelona iny ny raharaha.

Raha tsy nisikim-ponitra,niasa aho ka tsy nanampy anao nampidi-bola dia nanjaka tato an-tokantranontsika ny fahasahiranana amin’izao fiainana efa mihasarotra izao. Ny vehivavy ry zareo tsy voalahatra hiandry ny karaman’ny lehilahy foana. Efa endrika isehoan’ny fitovian-jo izany ka moa ve tsy nampandroso ny toe-karenantsika tato ny miralenta ?

Mbola nitanisa ohatra azo tsapain-tanana teo anoloan’izy telo mianaka tsy resy lahatra Ifara ka tsy nahateny intsony izy ireo. Hay tsy tsy fikendren’ny vehivavy ho lehilahy, araka ny nandraisan’izy telo mianaka azy, ny fitovian-jo fa fitakiana lenta mba tsy hisian’ny miza-mitanila.

Ny fofom-bary may tany an-dakozia no namarana ny latabatra boribory maimaika teo amin’ireo mpianakavy. Lasa nandoatra ny sakafo tany an-dakozia Ifara. Navoakan’i Mirana ilay hevitra efa nateliny fa tsapany ny faharesen-dahatra efa nanagasanga teo amin’ny saina amam-panahin’ny anadahiny sy ny rainy ary ny renibeny.

- Nahoana i dahy no manasa lovia, manasa lamba …. manao ny raharaha noheverina ho am-behivavy ? hoy i Mirana tamin’i Talenta.

Tsy hain’ny anadahiny ny namaly ny fanontaniana fa noraisiny moramora ny findainy. “Ny miralenta” no teny iditra nosoratany teo amin’ny google.

- Nahoana tokoa, anaka ? hoy ny renibeny tamin’i Mirana.
- Rehefa tsy mihoatra ny lamina voajanahary, ry bebe, ny fihetseham-batan’ny vehivavy dia mahavita ny efan’ny lehilahy izy.
- Ny rafi-batana izany no hany mampiavaka ny lehilahy sy ny vehivavy fa mitovy lenta ny zava-bita ? hoy Randria, efa resy lahatra.

Nambaran’i Mirana fa fanambaniana ny vehivavy ny fanasokajiana azy ho fanaka malemy. Any aoriana any dia ho lehibena fikambanana mivoy ny hasarobidin’ny miralenta ny tovovavy ary ny anadahiny dia ho tanan-kavanany amin’izany.

RANDRIAMIALY Vona R.H.